LUTHERAN HOUR MINISTRIES Madagascar

Ako n'ny FEON'NY FILAZANTSARA

Miseho in-telo isan-taona | Laharana faha 13 | Oktobra 2013 - Janoary 2014

"Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy" Romana 10:11a

MATOAN-DAHATSORATRA

"... nefa ny tenin'Andriamanitra dia tsy mba voafatotra."
2 Tim. 2:9b

ANDRIANASOLO Jaona

Izany tenin'ny Apostoly Paoly, teo amin'ny faramparan'ny fiainany izany, no entiko hiarahabana anao mpamaky hajaina ity gazetim-pifandraisana ity indray. Teny mampieritreritra tokoa, teny tsy ahitana fitiavan-tena raha ny toerana nisy azy no dinihana. Toy ny miteny hoe izy : ' Na dia fatoranareo amin'ity rojo vy ity aza aho, dia tsy hainareo fatorana ny Filazantsara. Voahidy eto amin'ity tranomaizina ity aho, fa olona aman'arivony no manambara any ivelany any ny tenin'Andriamanitra, izay mitondra fiainana sy fahafahana hoan'olona aman'alina maneran-tany. Azon'ny Romana mpampahory atao ny mampangina ny vavako tsy hivoaka ity rindrin'efatra ity, fa mandritra ny fotoana rehetra izay handehanan'ny feon'ny Filazantara maneran-tany, sy ny tenim-pamonjena hatramin'ny faran'ny tany, dia hifaly aho, ary mbola hifaly, ary tsy hisy afaka hanala izany fifaliana izany amiko.'

(tohiny p.4)

Ho hitanao ato

p. 1 Fandaharana amin'ny fampielezam-peo : *Tsy natao ambanin-javatra ny hevitry ny mpihaino*

p. 1 Voafonja eny Antanimora : *Tarihina hianatra ny Tenin'Andriamanitra*

p. 2 Asa Fitoriana eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo : *Anao ny Safidy*

p. 2 Fandaharan'asa momba ny tanora : *"Club FF" Lycée Nanisana*

p. 3 Fanatrehana ny isan-taonan'ny SPAM : *"Fa ny masoko efa nahita ny famonjenao" Lioka 2:30*

p. 3 Famangiana fiangonana : *"fa mitomboa amin'ny fahasoavana ... " (II Petera 3:18a)*

p. 4 Tolotanana ho fampitaovana ny asa fitoriana : *Varotra kitapo isan-karazany sahaza ny rehetra*

p. 4 Vatsim-panahy : *Araraotina ny fotoana!*

FANDAHARANA AMIN'NY FAMPIELEZAM-PEO

Tsy natao ambanin-javatra ny hevitry ny mpihaino

Anisan'ny sehatr'asa vokarin'ny Feon'ny Filazantsara ny fandaharana "Henoy ny Feony" amin'ny fampielezam-peo (Radio). Na dia onjam-peo tsy miankina telo eto Madagasikara ihany aza teo aloha no nandefasana ny fandaharana (roa eto Antananarivo: RTF 91.2 isaky ny Alatsinainy 8. 00 ora alina, famerenana Zoma 8ora 05mn alina sy FM ACEEM 103.4 FM isaky ny Asabotsy 6 ora 30 mn, famerenana Alatsinainy 8. 05 ora alina ary iray any Toamasina: RNA 94. 2 FM Alahady 7 ora - 7 ora 30 mn) dia tsapa fa maro tokoa no liana amin'ireo lohahevitra velabelarina. Anisan'izany ohatra ny lohahevitra be mpifidy indrindra: Fisaorana feno no atolotra ireo "volontaires" amin'ny fanoloran-tena lehibe ananany ka nahatontosana soa aman-tsara ny fanadihadihana. Ny volana Oktobra no nanombohana ny fandefasan ireo lohahevitra nofidin'ny mpihaino toy ny hoe: "Anjara sa lahatra ny vady"

Ho fanatsarana ny fandaharana sy ho famaliana ny hetahetan'ny maro dia nisy fanadihadiana nataon'ny Feon'ny Filazantsara mikasika izay lohahevitra entina amin'ny fandaharana. Mpiara-miasa an-tsitrapo miisa 27 no nanatanteraka izany tamin'ny sokajin'olona sy sokajin-taona maro manerana ny faritr'Antananarivo sy ny manodidina ny volana Jona 2013 lasa teo. Takelaka fanadihadihana miisa 500 no nozaraina tamin'izy ireo nanatanterahana izany. Nahafaly fa dia nahatratra 467 ireo namaly ka nanome soso-kevitra sy lohahevitra entina ho velabelarina.■

Nahazo ny anjarany koa ny faritra Antsirabe

Isaorana an'Andriamanitra fa tanteraka soamantsara ny fanitarana ny fandaharana any amin'ny faritra Antsirabe. Tontosa tamin'ny 12 jolay mantsy ny fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny Radio iray ao antoerana " Radio Feon'ny Mpitily " RFM FM 92, isaky ny Asabotsy 9.30mn maraina, famerenana Alatsinainy 5 ora 30mn maraina. Ny 27 Jolay 2013 no nanomboka nalefa ny fandaharana voalohany izay niompana tamin'ny fampahafantarana ny LHM sy ny fandaharana "Henoy ny feony".■

Fanomanana ireo 'volontaires' hanatanteraka fanadihadiana

VOAFONJA ENY ANTANIMORA

Tarihina hianatra ny Tenin'Andriamanitra

Araka ny voalaza teo aloha (cf Gazety Akon'ny Feon'ny Filazantsara Laharana faha 12), nanomboka ny volana Jona 2013 lasa dia novaina ho tetik'asa " Prison Ministry" ny fiaraha-miasa atolotra ireo voafonja sy mpandraharaha eny Antanimora.

Anisan'ireo 'volontaires' misahana ny asa eny amin'ny fonja

Tsy mijanona amin'ny fianarana Soratra Masina ihany anefa no omena ireo voafonja fa dia mijery indrindra koa ny amin'ny lafiny maha olona manontolo ka handehanan'izy ireo amin'ny làlana takian'ny fiarahamonina. Ny volana Jona lasa teo àry; ho fankalazana ny faha 53 taonan'ny fetim-pirenena Malagasy dia nandray anjara niaraka tamin'ireo Fikambanana mpanao Asa soa eny amin'ny Fonja nanolotra vary ho an'ireo voafonja ny FF. Toy izany koa ny hetsika arapanatanjahantena lalao baolina kitra izay notanterahina nanomboka ny Alatsinainy 30 Septambra lasa teo ary tsy hifarana raha tsy any amin'ny faha 04 ny volana Novambra 2013. Lalao baolina kitra ahitana mpilalao fito avy ary samy manana ekipa roa ireo "quartier" efatra (A, B, C, D) misy ao an-toerana. Ny ekipa iray dia avy amin'ireo efa mpianatra ny FSMI, ny ekipa faharoa kosa dia mifangaro (mpianatra sy mbola tsy mpianatra).

(tohiny p.2)

VOAFONJA ENY ANTANIMORA : ## Tarihina hianatra ny Tenin'Andriamanitra *(Tohin'ny p.1)*

Niatrika ny fifanitsanana izy ireo hatramin'ny Zoma 11 Oktobra, ny lalao manasa-dàlana, kosa dia tanterahina ny Alatsinainy 14 sy ny Alarobia 16 Oktobra ary ny famaranana dia ny Alakamisy 24 Oktobra 2013. Ny loka ho an'izay ekipa mandresy dia vary iray kitapo sy tapany. Marihina fa nomena akanjo fitondra milalao "maillot" miisa 40 izay miloko karazany efatra ireo ekipa mpilalao isaky ny "Quartier" ary baolina "foot" anakiroa. Nandritra ireo hetsika Fanatanjahantena dia nandray anjara tamin'ny fanentanana ireo voafonja mba hianatra Soratra Masina ny FF. Marihina fa nahatratra aman'arivony ireo mpijery. Amin'izao fotoana izao dia mahatratra 220 ireo voafonja efa nadray ny fampianarana.

Koa azontsika an-tsaina amin'izany ny fiantraikan'ny tenin'Andriamanitra azon'ireo voafonja amin'ny alalan'ny fampianarana. Tsapa fa nahatonga fahazotoana ho an'izy ireo hiroso amin'ny Fianarana Soratra Masina ny hetsika natao.

Mivavaka isika ho an'ireo voafonja mba ho fanarenana azy ireo.■

Isan'ireo ekipa nandray anjara ary fanolorana ny amboara

FANDAHARAN'ASA MOMBA NY TANORA

"Club FF" Lycée Nanisana

Toy ny fanao isan-taona ho famaranana ny taompianarana sy ho fitondrana am-bavaka ny taom-pianarana ho avy dia tonga namangy hatrany sy niara-nivavaka eto amin'ny Foibe FF ireo mpikambana ao amin'ny Club FF ny Zoma 19 Jolay folak'andro no nanatanterahana izany. Fotoana moa izay iarahan'ireo mpiara-miasa ao amin'ny Foibe FF miara-mivavaka ho famaranana ny herin'andro sy hitondrana am-bavaka ny asan'ny FF rehetra (eto amin'ny Foibe sy amin'ny alalan'ireo mpiara-miasa isan-toerana). Nandray anjara an-kira sy vavaka izy ireo. Ho an'ny taom-pianarana manaraka 2013/2014, ankoatry ny fanentanana ireo mpianatra hanaraka ny Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana sy ny fandefasana "Film" arahina fifanakalozan-kevitra dia hiompana koa amin'ny Fitoriana an-kira ataon'ny Club FF amin'ny alalan'ny famangiana Fiangonana ny programan'asa. Marihina fa Atoa Ramavoson Felix no niandraikitra izany asa fanompoana lehibe izany nandritra ny 5 taona, nohon' ny fifandimbiasan-toerana moa dia Rtoa kely Razanabololona B.Jemima no "Volontaire" miandraikitra ny Club amin'izao fotoana izao. Fisaorana lehibe no atolotry ny FF an'Atoa Felix tamin'ny fitiavana sy ny fanoloran-tena lehibe nananany, Jesosy ilay tompon'ny asa anie hamaly fitia azy mandrakariva.■

Jemima mijoro eo aorian'ireo 'volontaires' vaovao

Asa Fitoriana eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo

Anao ny Safidy

Isan-taona dia manatanteraka alim-bavaka ny mpianatra ao amin'ny Departemanta ny "Medecine Veterinaire "mba hitoriana ny filazantsara amin'ny ireo mpianatra sy mpampianatra eny amin'ny Oniversite. Ho an'ny taom-pianarana 2012/2013 dia notontosaina ny 26 jolay 2013 izany. Mandray anjara hatrany amin' izany ny FF: fitarihana fotoam-bavaka, toriteny ary fampahafantarana sy fanentanana mikasika ny FF sy ny asa sahaniny. Ny lohahevitra nosafidian'ireo mpianatra nobanjinina tamin'izany moa dia "Anao ny Safidy" araka ny (Matio 7:13):"Midira amin'ny vavahady ety ianareo fa lehibe ny vavahady ary malalaka ny lalana mankany amin'ny fahaverezana ka maro no miditra any".

Nahafinaritra fa dia liana tokoa tamin'ny hafatra nampitain'ny Soratra Masina tamin'ny alalan'ny toriteny, ny horonan-tsarimihetsika nalefa ary ny famelabelaran-kevitra nosahanin'ny "Campus pour Christ" ireo tonga nanatrika. Nahatratra teo amin'ny 300 izy ireo. Dia hiroso mandrakariva tokoa araka ny safidy tsara anie ireo mpianatra mba hananan'ny firenena tanora mendrika, vanona.■

FANATREHANA NY ISAN-TA0NAN'NY SYNODAM-PARITANY AVARATRIMANIA (SPAM)

"Fa ny masoko efa nahita ny famonjenao" Lioka 2:30

Izany Tenin'Andriamanitra izany no foto-kevitra nampitondraina ny Isantaona Avaratrimania izay notanterahina tany Andranomanelatra ny Alarobia 04 - 08 Septambra 2013 lasa teo. Ny Isantaona moa dia fivoriambe iray eo anivon'ny Fiangonana Loterana Malagasy izay tanterahin'ny Synodam-paritany tsirairay isan-toerana. Anisan'ny nanatrika izany fivoriamben' ny SPAM izany ny Feon'ny Filazantsara (FF) notarihin'ny Taleny Atoa Andrianasolo Jaona sy mpiara-miasa aminy telo. Nisy "Stand "natsangana nentina nampahafantarana ny FF sy ireo sehatr'asa iandraiketany. Teo koa ny fampirantiana ireo sary rehetra mirakitra ny fiaraha-miasan'ny FF tamin'ireo

Maro sady liana ireo mpitsidika ny 'stand'-n'ny Feon'ny Filazantsara

Synodam-paritany maromaro manerana ny nosy: SPAnta, SPFT, SPAf, SPATs, SPTm, SPA, SPAl, SPAFi ary indrindra ny SPAM. Fotoana natao indrindra koa nihaonana tamin'ireo Pastora mpiara-miasa ao amin'ny SPAM (hanaovana jery todika ny fiaraha-miasa), ireo "Volontaires" ary ireo mpianatra manaraka ny "Fampianarana Soratra Masina ". Misaotra an'Andriamanitra lehibe tokoa fa dia maro ireo mpianatra teo aloha no naniry ny hanohy ny fianarany indray. Tao ihany koa ireo resy lahatra hiroso amin'ny Fandalinana ny Soratra Masina, nisy ireo maniry hanao "volontaires". Nahatratra teo amin'ny 1 000 ireo olona nitsidika ny "Stand".■

FAMANGIANA FIANGONANA

"Fa mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana tsara an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy " (II Petera 3:18a)

Anisan'ny fomba iray entin'ny FF ampahafantarana ireo programan'asa iandraiketany ny famangiana Fiangonana eto amin'ny faritra Antananarivo sy ny manodidina mandritra ny fotoam-pivavahana Alahady maraina. Fotoana iray ihany koa hanentanana ireo kristiana mba handroso hatrany amin'ny fandalinanana ny Tenin'Andriamanita fa tsy ho fahazarana fotsiny ny andehanana ho any am-piangonana. Ampahafantarina mandritra izany ireo fitaovam-pifandraisana (Media) atolotry ny FF afaka hanampy ny tsirairay hitombo amin'ny finoana: Fampianarana Soratra Masina Ifandraisana, Literatiora Kristiana, Trakitra, Horonan-tsarimihetsika arahana fifanankalozan-kevitra. Marihina fa maro amin'ireo Fiangonana mpiara-miasa, na ireo maniry ny hiroso amin'ny fiaraha-miasa no manasa ny FF ho tonga any an-toerana.■



Vatsim-panahy

Araraotina ny fotoana!

"Ary hianareo koa dia vavolombelona hanambara, satria hianareo efa teto amiko hatramin'ny voalohany." (Jaona 15:27)

"Fito-polo taona no andron'ny taonanay ary raha tahiny mateza aza, dia valopolo taona." (Salamo 90:10). Voafetra na ny andro iainantsika eto an-tany aza. Ny fahatanorana dia fotoana mampahatanjaka ny olona iray, ka tokony hanararaotra izany izy; fa rehefa antitra dia efa voafetra ny asa azo atao noho ny hery efa mihakely. Araka ny ambaran'i Jesosy eto dia sarobidy ny asan'Andriamanitra. Fa na dia ny fahaterahan'ilay lehilahy jamba aza dia natao ho fanehoana ny asan'Andriamanitra. Fa na i Jesosy aza dia tsy mba nanana izay hipetrahan'ny lohany (Matio 8:20). Misy tantara mirakitra ny fiainan'ny olona iray, ary eo akaikin'ny sariny dia misy lisitra iray mipetraka, ka ny lohatenin'izany lisitra izany dia izao: *"Ireto no zavatra nokasainy hatao nefa nindaosin'ny fafatesana izy ka tsy vitany"*. Tokony hahay hanararaotra ny fahavelomantsika isika amin'ny adidy izay omen'Andriamanitra eo anatrehantsika. Raha misy zavatra tokony hatao dia araraoty ny fotoana anaovana izany fa tsy hangatahan'andro. Rehefa handeha hiakatra any an-danitra Jesosy, dia nanome baiko sy andraikitra ny mpianatra handeha hitory ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Asan'Andriamanitra lehibe tokoa izany, ary asa izay miantefa amintsika izay mpanaradia Azy ankehitriny koa. "Fotoana inona" ary "toerana aiza" ? : ny fotoana rehetra, sy ny toerana rehetra dia tokony hanatanterahantsika izany asa fitoriana ny Filazantsara izany. Na amin'ny asa, na amin'ny teny, na amin'ny fitondran-tena, na amin'ny fahadiovana, na amin'inona na amin'inona ataontsika dia ahazoantsika mitory ny Filazantsara avokoa. Mandalo ny fotoana, tsy azo samborina ka aza avela handeha.

Mialoha izany mety ho fahavononanao hiasa izany anefa, dia ity misy fanontaniana : *"Efa vita fihavanana amin'Andriamanitra ve hianao? Efa natolotrao an'i Jesosy ve ny fonao?"* Famindrampon'Andriamanitra ny mbola ahavelomanao na dia amin'ity anio ity ihany aza. Fantatrao ve fa ny fahamoram-panahin'Andriamanitra dia mitaona anao hibebaka ? (Romana 2:4). Mety misy nataontsika nahatonga ny fisarahantsika tamin'Andriamanitra, ary nampangatsiaka ny finoantsika Azy. Nisy fahotana nahatonga ny fisarahantsika taminy. Mety heloka bevava ve izany? Raha mbola novelominy hianao, izay mamaky izao teny izao, dia tsarovy fa faharipon'Andriamanitra ho anao izao.

Anio! Fa tsy indray andro any, na andro-any (efa lasa)! Anio raha hihaino ny feony hianao, Aza manamafy ny fonao! (Hebreo 3:15). Asehoy fa vavolombelona mahatoky an'ilay nifidy ka nanendry anao mba handeha sy hamoa ianao. Anio koa, raha mbola nomen'i Jesosy tànana afaka hanampy ny havanao na ny namanao ianao; aza akombona izany tananao izany, fa hain'Andriamanitra ny manakombona izany mandrakizay.

Jesosy Kristy Tompo mampahery anao !■

Pastora Rudolf F. NORDEN
(Mpanoratra Anglisy)

MATOAN-DAHATSORATRA

(tohiny p.1)

Miresaka ny asa fitoriana ny Filazantsara amin'ny sehatra maro samihafa izay itondran'ny Feon'ny Filazantsara ny anjara birikiny ity gazety ity: ao ireo mpihaino isan-tokantrano ny fampielezam-peo, ao ireo tanora mpianatra amin'ny lycee na oniversite, ao koa ireo voafonja any an-tranomaizina. Toa ny Apostoly Paoly, dia andao isika rehetra hifaly satria tsy mba voafatotra tokoa ny tenin'Andriamanitra, hatramin'izao andro iainantsika izao.
Farany, 'Araraoty ny fotoana' hitoriana ny Filazantsara, hoy ny vatsim-panahy izay entina aminao ato amin'ny pejy farany. Hahay hanararaotra ny fotoana rehetra tokoa anie isika, indrindra fa isika tanora.■

TOLOTANANA HO FAMPITAOVANA NY ASA FITORIANA

Varotra kitapo isan-karazany sahaza ny rehetra

Amin'ny maha sampan'asa mitory ny Filazantsara amin'ny alalan'ny fitaovampifandraisana (Media) ny FF dia maimaimpoana avokoa ny fiaraha-miasa atolony amin'ny Fiangonana, Sekoly, Fikambanana. Mba hahafahana manohy izany fanamby masina izany, isantaona dia misy hatrany hetsika ataon'ny toerampiasana entina hanangonam-bola ho fanampiana sy ho fampitaovana ny asa. Ampahan'ny vola ilaina amin'izany ihany mantsy no entin'ny tetibola fanomen'ireo mpamatsy volan'ny FF avy any ivelany, fa iandraikrtan'ny FF ny famoriambola fanampiny atao eto an-toerana, hanatanterahina ny asa. Ho an'ity taom-piasana 2013/ 2014 ity ary dia mivarotra fitaovana toy ny: "sac à bandoulière, sac au doc etc… " izay misy ny logon'ny Feon'ny Filazantsara ny FF. Koa isika izay maniry hitondra anjara biriky amin'ny fampandrosoana sy fampivelarana izany asa Fitoriana izany dia manasa anao ho tonga handray anjara amin'ny fividianana ireo fitaovana ireo eto amin'ny Foiben-toeran'ny FF Lot II-V 72 bis Bel Air Ampandrana.■

Hoentina am-bavaka manokana

- Asa fitoriana ataon'ny "Volontaires" manerana ny Nosy (Fiangonana, Sekoly, Akany, Fonja)
- Fanitarana ny fiaraha-miombon'Antoka amin'ny Fiangonana.
- Ny asa fitoriana amin'ny alalany Radio (Antananarivo, Toamasina, Antsirabe).
- Ny fiainam-pirenena.

Lutheran Hour Ministries - Madagascar
BP 3111 Antananarivo 101 MADAGASCAR
e-mail : lhmmad@orange.mg
Website : www.feonyfilazantsara.org
Tonia : Andrianasolo Jaona
Feon'ny Filazantsara - Voix de l'Evangile
Tel : 22 210 42 - 032 54 635 53/ 033 15 635 53/ 034 20 635 53
Facebook : Feon'ny Filazantsara
Isan'ny natonta : 1000